Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Zoma faha 19 jona 2020

Mitarika ny fotoam-bavaka : Ny Mpitandrina RARIVOMANANA Joelitiana

« Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary Fanahy Masina, amena »

Teny fitarihana

Hiran'ny AMF : (Jereonareo ny fitiavan'Andriamanitra)

Vavaka fanombohana

FF45 (Hira fideràna ho Anao ry Ray)

Loha-hevitra : « Ny fakampanahy », anio : Jodasy sy Petera : Lioka 22 : 47 - 62

Vakiteny voalohany : Lioka 22 : 47 – 48

Fanazavàna fohy

Hira 412 : 1 (Jehovah Tompo ô, indreto izahay)

Vavaka any an-tokatrano :

-Mangataka isika mba ho maro ny hanatona ny Tompo noho ny havesatry ny fahotàna,

-Entin-tsika amim-bavaka ireo manamafy fo, hiverina haingana ao amin'ny Tompo ka tsy ho tratr'ilay fotoana izay hanamafisan'Andriamanitra ny fony, tahaka,izay nseho teo amin'i Jodasy

-Trotroin-tsika amim-bavaka ireo izay akaiky antsika nefa toa manolokolo fahotàna

Vavaka

Vakiteny faharoa : Lioka 22 : 49 – 51

Fanazavàna

Hira 412 : 2 (Vonjeo, vonjeo ry Ray)

Vavaka any an-tokatrano

-Mba tsy avelan'Andriamanitra isika ho azon'ny fakampanahy

-Mba hambolen'Andriamanitra aty ampontsika ny feony rehetra izay efa retsika, hanoherantsika izay feo hafa mety handavo antsika

-Mba tsy hisy intsony ny dingana faharoa amin'ny fihanaky ny tsimok'aretina

Vavaka

Vakiteny fahatelo : Lioka 22 : 54 – 62

Fanazavàna

Hira 412 : 3 (Mpanota izahay)

Vavaka any an-tokatrano

-Mba ho tonga saina isika amin'ny fampitandremana rehetra hataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika

-Mba ho maro ny handray ny zava-misy ho fampitandremana avy amin'Adriamanitra

-Mba hampiarahin'Andriamanitra amin'ny fampitandremana ny fanasitranana ireo izay marary, sy ny fanomezana hery ireo mpitsabo rehetra

Vavaka

Vakiteny faha-efatra : Lioka 22 : 52 – 53

Fanazavàna

Hira 412 : 4 (Jereo ny zanakao)

Vavaka any an-tokatrano

-Mba tena hanjaka any am-pontsika Jesosy, hitondra fandresena ho antsika eo anatrehan'ny fakampanahy rehetra

-Mba homen'Andriamanitra fahendrena ny mpitondra antsika hitondra fandresena ho antsika eo anatrehan'ny tsimok'aretina misy sy mihanaka

-Mba hanampy ireo mpikaroka ny Fanahy hanafaingana ny vakisiny fanefitra sy ny fanafody fanasitranana izao aretina vaovao izao

-Ary hampitràka sy hampionona ireo izay nilaozan'ny hava-tiana vokatr'izao aretina izao Ilay Andriamanitra Mpandahatra sady mahafantatra ny fandaharana izay ataony.

Vavaka + Notre Père

Hira 447 : 3 (Tsy ho orin-java-tsoa)

Hafatra

« Aoka isika hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahao antsika, … mijery an'i Jesosy Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa Azy … »

Heb 12 : 1 – 2

IPetera 5 : 10

« Andriamanitry ny fahasoavana rehetra Izay efa niantsoa anareo ho any amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo, Amen » !

Famaranana